

Filoha Marc Ravalomanana **2**
Nankasitraka ireo nanome fanampiana ho an'ny any Farafangana

CUA sy mpanolotsaina **2**
Hisy raharaha hiakatra fitsarana indray rahampitso zoma

NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Tsy hadio ny fifidianan'ny CENI vaovao **5**
Filoha notendren-dRajoelina,
mpanao gazety an'ny Viva

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 9 desambra 2021

Laharana 1242

Vidiny : 400 Ar

Mpiaro ny zon'ny mpanjifa sy ny olom-pirenena **2**

Tsy hihemotra amin'ny diabe ho eny amin'ny 13 mey rahampitso



Fifidianana **3**

Miroso ny TIM fa tsy mihaino an'i Paoly be hevi-dravina



Fanatsarana ny fitantanana ny fifidianana **3**

Nanolotra soso-kevitra amin'ny CFM ny Vondrona Panorama



Efa an-taonany **6**

Kaominina miisa 6 any Menabe tsy misy ben'ny tanàna



Trangam-piarahamonina **6**
Roalahy nangala-bary saika niharan'ny fitsaram-bahoaka

Tranombarotra Baolai **7**
Manao "Promotion Spciale Noël" ho an'ny mpanjifa

Daka kely
Mpokona tsy mikaly, hihomehezan' ny vozongo fotsiny ny rediredin' ialahy ry Boaikely a !

FILOHA MARC RAVALOMANANA

Nankasitraka ireo nanome fanampiana ho an'ny any Farafangana

Tontosa ny faran'ny herinandro teo ny hetsika tao amin'ny Kianjan'ny Finoana Behoririka, nentina nanaovana tolotanana ho an'ireo Malagasy traboaina vokatry ny haintrano tany Farafangana faritra Atsimo Atsinanana. Tonga maro ireo mpikatroka avy amin'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara RMDM tonga nandritra izany, izay nahitana solontena avy any amin'ny faritra maro manerana Ny Nosy, maro koa ireo olon-tsotra mpitondra izay voatsiramin'ny tanany. Manoloana izany dia nisy ny fanambarana nataon'ny filohan'ny RMDM Marc Ravalomanana, nandritra ny fivorianana nataon'ireo mpikambana tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel'Air Ampandrana. Nisaotra sy nankasitra



Ireo nanao tolo-tanana teny amin'ny kianjan'ny Finoana Behoririka ny sabotsy teo.

ireo Malagasy nanampy ny mpiray tanindrazana aminy izay monina eto Madagasikara na any ivelany ny tenany tamin'ny

fanomezana izay natao. Nanambara ihany koa izy fa mbola mitohy mandrapanaterana azy any Farafangana ny fanangonana

ny fanampiana, ka ao Bel'Air Ampandrana no anaterana izany.

Helisoa

Mpiaro ny zon'ny mpanjifa sy ny olom-pirenena

Tsy hihemotra amin'ny diabe ho eny amin'ny 13 mey rahampitso

Manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana tsy misy farany, ny olana samy hafa izay iainan'ny vahoaka Malagasy ankehitriny toy ny tsy fahampian'ny rano ihany koa, nampiaka-peo ireo mpiaro ny zon'ny mpanjifa, fa tsy zaka intsony ny fahasahiranana mahazo ny mpoinina. Hidina an-dalambe ny Mpiaro ny Zon'ny

Mpanjifa sy ny Olompirenena tsy ankanavaka, noho izany rahampitso Zoma 10 desambra 2021, izay andro iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ihany koa. Noho ny tsy fisian'ny kianjan'ny demokrasia ahafahana maneho hevitra, dia nangataka ny kianjan'ny 13 mey Analakely izy ireo. Marihina fa efa nampaha-

fantarina ny sehatra iraisam-pirenena izao hetsika izao, izay naterina teny Andraharo misy ny Biraon'ny Firenena Mikambana eto amintsika ny taratasy mikasika izany. Raha ny vaovao farany dia tsy nanome alalana izao hetsika izao ny Préfet de Police Antananarivo. Na izany na tsy izany, nanambara ireo

mpikarakara fa tsy hihemotra, fa hanatanteraka io Diabe io ihany rahampitso, satria zon'ny olompirenena hoy izy ireo ny maneho hevitra am-pilaminana sy ankalalahana. Zon'ny olompirenena ny hiaina tsy amin'ahiahy, fa hisitraka ireo filana fototra amin'ny fiainana andavanandro toy ny rano, vidim-piainana zakan'ny fahefamididy, ka ny vondrom-bahoakam-paritra sy ny fitondrana no hanome sy handamina izany araka ny tokony ho izy. Tsy voahaja anefa izany amin'izao fotoana. Marihina fa loha-hevitra ny andro iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona amin'ity taona ity ny hoe: "Hahena ny tsy fitoviana, mba hampiroboroboana ny zon'ny olompirenena". Hanatanteraka izao Diabe momba ny zon'olombelona izao rahampitso: ireo Mpiaro ny Zon'ny Mpanjifa, ireo avy amin'ny Fiarahamonim-pirenena ary ny olompirenena tsy ankanavaka.

Niaina



Ireo avy amin'ny Mpiaro ny Zon'ny Mpanjifa.

CUA sy mpanolotsaina

Hisy raharaha hiakatra fitsarana indray rahampitso zoma

Hisy raharaha hiakatra fitsarana indray rahampitso zoma ao anivon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Raha raha mahakasika ireo mpanolotsaina indray izy ity. Hiakatra fitsarana indray ny raharaha mahakasika ireo mpanolotsaina sy ny filohan'ny filankevitry ny ta-

nàna ny Zoma 10 desambra ho avy izao amin'ny 9 ora maraina eny amin'ny Tribunal Anosy. Amin'ity indray mitoraka ity, dia fitorianana nataon'ireo mpanolotsain'ny tanàna ny Filohan'ny filankevitry ny tanàna (PCM), noho ny tsy nampidirana anaty lahadinika izay fangatahan'ny

maro an'isa indray no nahatonga izany. Hita taratra ny tsy fahazakan'ny Ben'ny tanàna vazahabe, Naina Andriantsitohaina sy ny PCM Guy Amdriamparany Ralitera, ny tsy fitoviam-pijery politika, tsy mahazaka fanakianana, tsy mahazaka demokrasia izy ireo.

Stefa



Ireo mpanolotsaina TIM notorian'i Vazahabe farany teo.

Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainana andavanandro Zon'ny vahoaka ny maneho hevitra: hatraiza ny fahalalahana ?

Hapetraka eo ambony latabatra indray ny demokrasia, hiaraha-mahita ny niafaràny sy ny hiafaràny, ny anaovan'izao fitondrana Rajoelina izao azy. Rahampitso zoma dia nanizingizina ny avy amin'ny fikambanana miaro ny zon'ny mpanjifa fa hidina andalambe, fa tsy zaka intsony izao fidangan'ny vidim-piainana izao. Efa nangataka alalana tamin'ny prefet-n'Antananarivo izy ireo ny amin'izany ary hidina ihany na mahazo izany na tsia. Olom-pirenena tsy mahalefitra intsony ny manjo azy eo amin'ny fiainana andavanandro, ka maneho ny heviny, ary zony izany. Ho hajain'ny mpitondra manam-pahefana ve anefa izany zony izany? Fototry ny demokrasia anefa ny fahafahana miteny sy maneho hevitra eny ankalamanjana. Raha voarara io hetsika io, dia ilay fototry ny demokrasia mihitsy indray no voahosihosy tanteraka. Koa raha mihambo hiteny ny mpitondra fa misy demokrasia eto, dia demokrasia tsy misy fototra izany no misy, ary mpitondra tsy vonona hihaino ny fitarainam-bahoaka sahirana mafy arapivelomana andavanandro. Tsy hahasoa ny firenena velively izany.

Iarahan'ny sarambabem-bahoaka miaina isan'andro vaky izao ny fidangan'ny vidim-piainana ary miharitra fotsiny sisa ny vahoaka, kanefa efa mila tsy ho tantiny intsony izany amin'izao fotoana izao. Ny zavatra ilainy rehetra andavanandro no misondrotra ny vidiny, ary tsy isalasalana fa mbola hitohy izany miditra amin'izao volon'andro fety izao, hatrany amin'ny taom-baovao. Izay misondro-bidy anefa tsy ahitana fihenany mazava intsony avy eo. Tsy misy afitsoka ny fitondrana manoloana izany, fa karazany mandrirarira fotsiny ihany amin'ny fanazavana sy fihetsika samihafa etsy sy eroa. Indraindray mody mitokana zavatra hisehoana amin'ny vahoaka, fa miasa ny fitondrana, kanefa ny tokanana amin'io tsy ilàna filohan'ny Repoblika na minisitra fa ben'ny tanàna dia efa ampy hahavita azy. Efa fanaon'ny fitondrana anefa ny manao toy izany hisehosehoana hanakonana ny tsy fahaiza-manao amin'ny fitantanim-pirenena, sy ny tsy fisian'ny fampandrosoana maika andrasan'ny vahoaka.

Radafy

Ny Valosoa sy hadihady

Fahasalamana : ady sarotra ho an'ny vahoaka

Olana lehibe iainam-bahoaka ary tsy voava-han'izao fitondrana izao ny fampatanjahana ny fahasalamam-bahoaka. Marefo ara-pahasalamana ny sarambagem-bahoaka, noho ny tsy fisian'ny kalitaon'ny sakafo ara-dalàna hohaniny. Na eo amin'ny habetsahana ihany koa aza mbola ifampitadiavina be ihany. Mazava loatra, fa miankina amin'ny fahafaha-mivandiny izay ambany sy ny fahantrana mihoa-pampana no anton'izany.

Mbola mitohy ihany ankehitriny, ary vao mainka mihalalim-paka aza, ilay fiteny hoe : « Aza mba marary ihany ». Satria sarotra dia sarotra ny fitsaboana eny amin'ny hopitaly. Eo ny vidim-panafody lafo, na maro isan-karazany asain'ny mpitsabo vidiana. Rehefa tsy maharaka izany ny fianakavian'ny marary dia ratsy karakara eo ny marary. Volabe no tsy maintsy laniana rehefa miditra hopitaly. Efa be ihany koa ny fanakianana amin'ity hopitaly manara-penitr'i Andry Rajoelina ity. Tsy manara-penitra izany ireny, hoy ny fanakianana avy amin'ny olom-pirenena nahita ny zava-nisy. Ho aiza izany ilay sarambagem-bahoaka? "Aza mba marary ihany". Ny mpitondra rehetra isantsokajiny, mamonjy toeram-pitsaboana any ivelany vantany vao tsy metimety ny fahasalamany. Volabe tsy toko tsy forohana no laniny amin'izany, ary izany dia ny fanjakana no miantoka azy. Niaraha-nahita sy nandre tsara ireny mpitondra ambony nankany ivelany ireny nitsabo tena, raha tsy hilaza afa-tsy tato anatin'ny roa taona farany fotsiny. Nisy ny nankao

amin'ny Nosy La Réunion, nisy tany Eôropa toy ny tany Frantsa mihitsy nandritry ny andro maro. Nisy ny dedaka mihitsy tamin'izany rehefa tafaverina nody teto an-tanindrazana avy nitsabo tena ka sitrana soa aman-tsara, izay niendrika fampangotsohana ihany ny vahoaka malagasy tsy manana fahafahana manao izany.

Ankoatra izany, mbola eo ny olana atrehin'ny mpoina any ambanivohitra lavitra any noho ny tsy fahampian'ny mpitsabo. Malagasy maro no sahirana raha tojo tsy fahasalamana na toy ny hiteraka, sns... Mivangongo an-drenivohitra na an-tanàn-dehibe ny ankamaroany. Etsy ankilan'izany koa anefa, tsy tokony hadinoina ny fahavitan'ny fitondrana mandoa ara-dalàna ny karamany na ny tambin-karaman'izy ireny. Niaraha-nahita sy nahalala ny hetsika nataon'izy ireo nitaky izany. Amin'izany rehetra izany, dia any amin'ny vahoaka hatrany no ifatrarany ny rihitra rehetra. Ny olana manjo ny sarambagem-bahoaka io, tsy vita fotsiny amin'ny hoe fitokanana fitaovana vaovao na môderina apetraka eny amin'ny hopitaly ka idedahan'ny mpitondra. Tsy mahavaha ny olam-bahoaka amin'ny ankapobeny izany. Rehefa foana io fomba fiteny: "Aza mba marary ihany" io, izay vao tokony ho afaka mirehareha ny mpitondra, fa raha mbola ny toe-javamisy ankehitriny, dia aza be resaka eo amin'ity sehatry ny fahasalamam-bahoaka ity, fa tsy mahavoa nareo mpitondra.

Sôh'son

Fanatsarana ny fitantanana ny fifidianana Nanolotra soso-kevitra amin'ny CFM ny Vondrona Panorama

Tonga nitondra ny fehin-kevitra hoentina hitondrana ny zotram-pifidianana eto Madagasikara tetsy amin'ny biraoon'ny CFM (Filan-kevitra ho an'ny fampihavanam-pirenena) Ampefiloha ny vondrona Panorama afak'omaly. Nilaza Andriamatoa Rakotovazaha Olivier, mpi-kambana iray ao amin'ny vondrona Panorama, fa soso-kevitra maromaro nivoaka nandritra ny fivoriana nataon'ny Vondrona Panorama tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy ny 13 Novambra 2021 lasa teo, ity natolotra ho an'ny CFM ity, mba hisorohana ny korontana noho ny fandrombana fahefana amin'ny alalan'ny hala-bato hatraon'ny mpitondra fanjakana mandritra ny fifidianana. Nanohy fanazavana ity mpitondra tenin'ny Vondrona Panorama ity, fa fitandroana ny fitoniana mandritra ny fitantanana ny fifidianana rehetra izay hisy eto Madagasikara no tanjona amin'izao fanolorana fehin-kevitra izao, mba hisian'ny fifidianana manaraka ny fenitra Demokratika. Naneho hevitra Andriamatoa Maka Alphonse filohan'ny CFM, fa rafi-panjakana matetraka ny fifampiresahana eo amin'ny samy hery politika ny CFM, mba hisian'ny fitoniana sy ny fifidianana eken'ny rehetra eto Madagasikara. Ezahin'ny Vondrona Panorama hozaraina amin'ireo rafi-panjakana isan-tsokajiny ity fehin-kevitra ity, ho fialana nenina amin'ny fisian'ny korontana noho ny fanatanterahana fifidianana rehetra izay hokarakarina eto an-tanindrazana amin'ny fotoana ho avy rehetra.

Franck Razakambelo



FIFIDIANANA

Miroso ny TIM fa tsy mihaino an'i Paoly be hevi-dravina

Ankehitriny dia maro ireo mitonona ho mpamaka-faka politika, mpandinika fiarahamonina, mpandalina toekarena, mpanadihady tantara, mpahay lalàna, sns... Tsy mahagaga izany satria ilay fitondrana mijoro dia tsy mamely araka ny fitenin-jatovo, hany ka lasa mahita lazaina avokoa hatramin'ireo izay noheverina ho tsy tokony hilaobava akory. Iray amin'ireny mpaneho hevitra ireny Ingahy Paul Rabary na i Paoly R.



I Paoly na i Paul Rabary, mpanao politika be hevi-dravina.

Nandritra ny fitondrana te-tezamita notarihan' Ingahy Rajoelina naka fahefana tsy tamin'ny fomba demokratika, no nahafantarana an'i Paul Rabary, izay niseho fahitalavitra matetika, nanao famakafakana petatoko, niaro an-jambany ny bontolo nantaon-dRajoelina sy nandoto ny Filoha Ravalomanana. Tamin'ny fifidianana filohampirenena 2013 dia niara-dia tamin'ny Kandida Edgard Razafindravahy i Paul Rabary tany amboalohany, satria rangahy io no voafidy tamin'ny fifidianana sivana nampanaoavin'ny mpomba an-dRajoelina, tonga mihitsy niaraka nanatitra ny firotsahan-kofidina niaraka tamin'ny kandida Razafindravahy teny Ambohidahy Ingahy Paoly, kinanjo nisy ny fivadihan-javatra taoriana kely, fa

nirotsaka ho fidiana indray ny Filoha Rajaonari-mampianina, ka nekena ny firotsahana, tonga dia nifindra lasy tany Ingahy Paoly, ary dia nadio ny rano nitana, tsy nandin-gana tany amin'izay nisy an-dRazafindravahy intsony ny tongotr'Ingahy Paoly. Voafidy ho filoha Ingahy Rajoanarimampianina, ka nahazo ny tambiny Ingahy Paoly, satria voatendry ho minisitra tao amin'ny governemanta, ny nahatsikaiky anefa dia tsy tahotra tsy henatra Ingahy Paoly fa dia nirot-saka ho fidiana ho filohampirenena nifaninana tamin'ilay nanendry azy ho minisitra farany teo. Aotra faingo isanjato no azon'Ingahy Paoly, tarehimarika tsy ampy hanaovana ady varotra hakana toerana ho minisitra, tsy nahazo seza tao amin'ny fahefana mpanantant-raka intsony, sady tsy sahy nisedra ny safidim-

binana faharoa farany teo, f'efa any hono ilay olona fahatelo andran-drain'ny vahoaka, kinanjo andro vitsivitsy izay dia niova indray ny famakafakan'Ingahy Paoly, nilaza indray izy fa ho lany amin'ny fihodinana voalohany hono Ingahy Rajoelina, asa na tsy nahita ravin'avaratra tamin'ilay olona lazaina fa fahatelo azo antoka Ingahy Paoly dia nirediredy indray niborosy andRajoelina. Mbola afaka roa taona vao higadona ny 2023, noho izany dia mbola mety hiova indray ny tombatomban'Ingahy Paoly, ka mety ho tonga amin'ny hoe izaho Paul Rabary mihitsy no ho lany filohampirenena manaraka eo. Sasapoana Rangahy io maneho hevitra amin'ny fampahalalambaovao isan-karazany, saingy ny olona efa tsy mihaino azy intsony, satria raha nahay nanombatombana izy dia tokony ho tsinjony mia-loha ny aotra faingo isanjato ampahambato azony tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany. Zon'Ingahy Paoly ny maneho hevitra, fa ny Tiako i Madagasikara (TIM) kosa dia efa tongotra mby andakana, vonona haka fahefana amin'ny alalan'ny fifidianana madio, tsy hiandry an'i Paoly be hevi-dravina.

Ny Valosoa

TOMOTRANO

ARAHABAINA FA GISITRA

Fivarotan-tanindrazana, izay no misy ankehitriny. Tany maro midadasika no efa lasan'ny vahiny. Zary toa mitazam-potsiny ny olona eny ambanivohitra, Tena tsy afaka miteny, tena tsy afaka manohitra!

Ny mpivarotra, tsy lavitra, ary tsy olona hozoviana, F'ireo "gasy maivan-doha" izay fantatra amin'ny haratsiana. Tsy any ivelany fa tena ny ao anaty fitondrana, Dia `reo jiolahy malaza efa voavidin'ny karana!

Mody hoe "fampanandrosoana" no atao ambentin-teny, Nefa halatra vaventy no ao ambadik'izy ireny. Malagasy marobe no indreo esorina amin'ny taniny, Tsy mahita izay halehany, tsy mahita izay hohaniny!

Amin'izany ny mpitondra mbola lalina ny hambony, Na dia hita fa ny gasy no mihazona ny rambony! Tsisy intsony ny any aoriana f'efa isika izao no gisitra, Tena hoe "ny gida maimbo" sy efa tena "vody lisitra"!

Mbola tsisy toy izao ny nihatra tamin'ny firenena, Raha ny enimpolo taona no hiverenana jerena. Norombahin'ny mpitondra ankehitriny ilay amboara Maha "gisitra sy rambony" an'i Madagasikara!

TSIMIMALO (07-12-21)

PRINTSY ANDRY RODRIGUE

« Mila manao Fandroana ny Malagasy » ho fidiovana

Mila manatanteraka ny « Fandroana » fanao tamin'ny nanjakan'ny Mpanjaka Ranaivalona II ny Malagasy taranaka ankehitriny, hoy ny Printsy Andry Rodrigue, mba hahafahana mandrindra ho amin'ny filaminana sy fahombiazana indray, ny fianana ankehitriny izay toa mibahan-toerana loatra ireo olana isan-tsokajiny, hany ka miteraka fahasahiranana miavosa sy fikorontanan'ny fianana amin'ny ankapobeny mihitsy.



Ny Printsy Andry Rodrigue, vonona hitarika ny fanaovana ny « Fandroana ».

han'ity taranaky ny mpanjaka Ranaivalona II ity, fa arakaraky ny vintan'ny isan-tokan-trano no fomba entina hanatanterahana ny « Fandroana ». Azo ambara ho toy ny fa-

merenan-kasina ny Malagasy isan-tokonana tokoa, araka izany, ny fanaovana ny « Fandroana ». Nomarihan'i Printsy Andry Rodrigue fa mila mandini-tena ny Ma-

lagasy manoloana ny zavamisy ankehitriny ary manentana hatrany izy ny amin'ny tokony hanajana sy hanomezana hasina ny maha-malagasy ho antoky ny firindran'ny fianam-piaraha-monina. Vanimpotoana mety hanatanterahana ny « Fandroana » ny fiandohan'ny volana desambra koa inoana fa samy hiezaka hanao izany ny Malagasy isam-baravarana arakaraka ny vintan'ny tsirairay. Tsy ny Ambanilanitra ihany no mila manatanteraka ny « Fandroana » fa eo ihany koa ireo « Mpitondra fanjakana » sy ny fianakaviamben'ireo « Mpanao politika isan-tokony ». Ho fanteraka tokoa anie izany !

Lalaso R.

Famaranana « Foot à 7 » sy « Foot à 9 » teny Antanandrano

Nanao pao-droa ny 3Fa Avaradrano

Tontosa tamin'ny alahady 05 desambra 2021 lasa teo, teny amin'ny kianja « Club 3Fa eny Antanandrano », ireo lalao famaranana baolina kitra « Foot à 7 » sy « Foot à 9 » andiany faha XXVI, noka-rakarain'ny ASSCA « Amitié Sportive et Socio-Culturelle Avaradrano », tarihan'ny filohany Rakotonirina Harison Philibert. Nanao pao-droa tamin'ny ankapobeny ny klioban'ny 3 Fa Avaradrano. Vokadalao azo :



Rakotonirina Harison Philibert filohan'ny ASSCA.

01 tirs au but), Sokajy 13 taona : 3fA Avaradrano vs ravinala Ambatomitsangana (03-

gana (00-01). Sokajy 10 taona : 3fA 1 Avaradrano vs varatra An-

drohibe (03-01 tirs au but)

Rainilita

Tranga Zazalahy kely 8 taona novonoina tamin'ny fomba feno habibiana

Saika isan'andro no ahitana sy ahenoa tranga tsy fandiampahalemana etsy sy eroa amin'izao fotoana izao. Tany amin'ny kaominina Antambolo,

distrikan'Arivonimamo faritra Itasy dia zazalahy kely vao 08 taona monja, no nisy namono tamin'ny fomba feno habibiana ny alahady teo. Ny marai-

nan'io andro io, tokony ho tamin'ny 07 ora ity zaza ity no niala tao an-tranon'ny ray aman-dreniny ary tsy niverina intsony. Nanomboka teo ny fikaro-

hana azy, ka nampandrenesina ny fianakaviana sy ny mpitandro filaminana saingy nandamoka izany. Nisy lava-drano iray tsy lavitry ny CEG Antambolo anefa nahenoana fofona hafahafa, ka nanaitra ny maro omaly. Natao ny fomba rehetra ahitana izay tao anatiny ka indrisy fa ny vatana mangatsiakan'ilay zazalahy tsy hita nandritra ny 03 andro no hita tao. Araka ny filazan'ny dokotera nizaha ny razana, sy ny mpitandro filaminana dia novonoina mihitsy ity zaza ity: notahana antsy ny kibony ary notsindromina zavamaranitra ny tao andamosiny. Misokatra kosa ny fanadihadiana ankehitriny, ahafantarana izay tsy mataho-tody nahavita izao vono olona mahatsiravina izao.



Ilay zazalahy kely nisy namono.

Stefa

Sakafo My Valosoa



Akoho gasy rony, na akoho ro mazava indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Amin'izao andro mafana izao, anisan'ny tsara ny manao laoka rony. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso
Ny soa azo avy amin'ny kafe sy sakamalaho ary voasarimakirana

Ny Kafe + sakamalaho dia manadio tsinay sady mampihena. Ankoatra ny régime fifadian-kanina dia azo ampiasaina hampihenana-tena koa ny zava-pisotro azo avy amin'ireo.



Ity laro ity dia manapaka ny fahazotoan-komana ; manadio ny taova, indrindra ny tsinay, amin'ny tavy sy pozina miandrona, ka manatsara ny fandevonan-kanina, mitroka ny rano miandrona ao anaty, ka manala ny "cellulite". Akora ilaina : Rano matimaty 1 litra, Kafe mahamay tsara 25 cl, Voasarimakirana ½, Sakamalaho vovony na voakiky ½ sotro kely. Tantely 1 sotro kely.

Fampiasana azy : alaina ranony ny voasarimakirana dia araraka ao anaty « carafe » iray. Alefa ao koa ny sakamalaho sy ny tantely ary ny kafe , dia tapohina rano matimaty avy eo. Afangaro tsara amin'ny sotro lehibe. Azo sotroina mandritra ny tontolo andro izy ity, fa raha vao mifoha kosa no tsy maintsy misotro 1 vera lehibe aminy ary manamboatra vaovao isan'andro. Mandritra ny 7 andro no hisotroana azy ary sakafo voalanjanja, tsy dia matavy no hanina mandritra izay fe-potoana izay.

NY VALOSOA sy Mahaliana
Ny tanànan'i Marosakoa distrikan'i Marovoay faritra Boeny

Ny tanànan'i Marosakoa distrikan'i Marovoay faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marosakoa ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Any afovoany atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Azo lazaina ho efa avo toerana izy, satria 129 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina any amin'ny distrikan'i Marovoay, vokatry any Marosakoa ny vary. Ny voankazo toy ny manga, ny mahabibo. Mpiompy akoho amam-borona koa ny any Marosakoa.



NY TENY FIAINANA

"Fa vahiny sy mpivahiny eo anatrehanao izahay tahaka ny razanay rehetra; tahaka ny aloka ny andronay ety an-tany, ka tsy misy fanantenana."

I Tantara 29:15



Tsy hadio ny fifidianana hataon'ny CENI vaovao : Dama Arsène Filoha notendren-dRajoelina, Soava mpanao gazetin'ny Viva

Elian Raharison: ahoana no hinoan'ny vahoaka Malagasy ? Fa ingahy Soava Andriamarotafika, journaliste Viva dia hikarakara fifidianana madio sy tsy misy halatra @ fifidianana ho avy eo? Toy izany koa ny filohany Dama Arsène dia notendren'ny Filoha Rajoelina. Mahavariana tokoa fa na dia akoho aza no mikotrika gana, rehefa foy izy, tsy maintsy Gana foana, satria atodin-gana.



Lova Rakotonirina: FIANIANANA HITONDRA LOZA HO AZY NGE IZANY IO E!

Rija Lalanirina Fanomezana: Lova Rakotonirina: mianinaninampoana...

Mamy Raharison: tsy mitombina mihiitsy raha io CENI io no hikarakara fifidianana madio.

Voniarisoa Riavolomboahangy: ZAY rehetra MAHAY mic mac zany dia tendrena hangalatra sy HANAO @ fomba rehetra hisian'ny doublons sy hampandany @ fifidianana.

Arinja Rab: izy zao hono no mitondra ka na hilentika sy hivarina ankady aza tsy raharahany fa ny mangorona ampaosy aloha no tanjony.

Nonosy Jaig: nofy zany maniry nify ny akoho, tsy hisy fifidianana hadio izany eto raha ireo.

Tendry Maxi Maxi : tonga dia Aza misy mandeha mifidy Zany ianareo rehetra reo satria efa tsy mino ny vokapifidianana izay hiseho eo. Satria nareo efa mahafantatra mialoha sao andany andro handeha hifidy any.

Rambelomanarintsoa Rado Koloina : Tendry Maxi Maxi : compte fako !

Haingotiana Ravelonjanahary : Tendry Maxi Maxi: diso zany f'aleo hamporishina ny olona hifidy betsaka mba ho sarotiny @ vato nalatsany!

Tendry Maxi Maxi : Rambelomanarintsoa Rado Koloina: ka Raha hifidy Rajoelina ilay olona betsaka dia ahoana ndray????? Cas possible zany !

Mamie Fara : mahereza ry vahoaka malagasy.

Dimby Velontsoa Manganiaina : TOKONY TSY HISY HAMETRAKA TARATASY FILATSAHANA NY KANDIDA.

Shanna Kevine: indrisy mantsy ry fireneko.

Solofoson Andriambololona: mazava be ary vakiana fotsiny, fa hanao izay rehetra mahalany an- dRajoelina ny tanjona na hisy rà mandriaka aza " hividry fitaovam- piadiana mihiitsy" LOZA LOZA".

R H Dani EL : tena hadio tokoa ny fifidianana ary ho lany amin ny isanjato 78 mihiitsy ingahy sucré du peuple, satria dia olona tsy miandany amin'ny

atsy sy aroa daholo ireo mpikambana Ceni ary na ny filohany aza dia izy sucré du peuple no nanendry azy.

Max Harley : R H Dani EL : mbola tsy manomboka akory dia efa...

Sylvie Vartan: enga anie nareo sy joely his ts fifanarahana amzay enao ts miray loha am fampandianana anazy.

Cathalinah Aldama: efa mahana mhts ny ts mpanohana anazy.

Ra Tsik's: Cathalinah Aldama: mandinika ny olona dia milaza ny zava-misy, fa tsy bado sy manaraka ambokony sy ambolony ohatra anareo fotsiny.

Alain Pierre Razafindratsimba : tena marina , tsy hanana fijery mahitsy izy ireo.

Andrras Malalz: aleo ry zareo anao izay tena farany fa mety @ izao, fa tomponandraikitra feno @ izay hataony izy. Aleo ankasitrahana tanteraka fa ho hita eo ny fahamarinana havoakan- drareo.

Lehia Ardin: atsika reo ato anat fb no samy mitatata fotsin fa tss fahasahiana ny hijoro mihiitsy, koa alao izy anao zay danin'ny kibony ao.

Wiz Sylvestre: mampatahotra ny hoavin'ny firenena ity raha mijery ady politique eto.

Faya Michela : Wiz Sylvestre : tena izany mihiitsy.

Maroafitsoka Faratampony : sady forcing no nandaniana azy Tamin ' ny fikambanan'ny mpanao gazety raha i Soava , Eesh aho e ry kavimbarahana e. Eto any ny anareo . ohatra Tamin ' ny senatera Eto any.

Niriana Rakotobe : multiplon en loading.

Nanpry'Ar Ar : d gaga enao.

Jessica Mireille : na ny nandaniana an'ity Ceni ity anie tsy madio e. Ahoana no asiana deux poids deux mesures ? Roa no solontena an'ny OJM, ilay iray voalohany nolanian'ny birao OJM teo aloha tsy nomeny décret présidentiel fa i Soava no nahazo. Ilay solontena an'ny ordre des avocats anefa nolanian'ny birao teo aloha nahazo décret.

Faya Michela : Jessica Mireille: izay tiany ihany io e, mahay lalàna reo tsy afaka hanohitra ny vahoaka.

TOMPONDAKAN'I MADAGASIKARA 2021 TARANJA GOLF

Eny amin'ny Golf ny Rova Andakana amin'ny 14-19 desambra izao

Ho tontosaina eny amin'ny Golf ny Rova Andakana amin'ny 14 ka hatramin'ny 19 desambra 2021 ho avy izao, ny fifaninanam-pirenena fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021 amin'ny taranja Golf. Ny sokajy matihanina « Pro » sy ny sokajy « amateurs », no handray anjara amin'ny fifaninanana, ka sokajy matihanina « Pro », no hanokatra ny fifaninanana amin'ny 14,15 ary 16 desambra 2021 ary ny « amateurs » dia hiditra an-tsehatra amin'ny 17, 18 ary 19 desambra 2021. Efa nisokatra ny fisoratana anarana, izay tsy hifarana raha tsy amin'ny talata 14 desambra 2021 ho avy izao amin'ny 12 ora atoandro.



Ireo mpitantana ny Golf Malagasy.

Hatreto aloha dia efa nahatratra 146 avy amin'ny: Club de Golf d'Antsirabe, Club de Golf de Foulpointe, Golf Club de Malaza, International, Golf de Nosy Be, Galaxy Golf ary ny Golf Club d'Andakana, ireo nahavita fisoratana anarana fa handray anjara amin'ity fifaninanana ity. Nambaran'Andriamatoa Ranaivo Andrianasolo, filohan'ny Fe-

derasiôna am-perinasa, fa misokatra indray izany ny varavaran'ny fiseraserana iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny fifaninanana Golf eto Madagasikara, ka mazava loatra fa ho matotra ny fiarahamiasan'ny Federasiôna Malagasiny'ny Golf amin'ny minisiteran'ny fizahantany.

Rainilita

Famerenana ny lalao'Ankadifotsy sy Tam Anosibe

Hiainga eo amin'ny isa 19-21 ny tabilao

Amin'ny alahady 12 desambra 2021 ho avy izao, araka ny efa nanambarana azy teny amin'ny kianja Makis Andohatapanaka nivantana tamin'ny alahady 5 desambra 2021 lasa teo, no hamerenana ny lalao ankatoky ny famaranana amin'ny fifaninanana rugby Doppel Top 20- 2021, hifanandrian'ny Usa Ankadifotsy sy ny Tam Anosibe. Hanomboka eo amin'ny isa efa azon'ny roa tonta tamin'io alahady heriny io dia ny 21 noho 19 ny isa ho hita eny amin'ny solaitra be amin'io alahady io ary ho 40 minitra hatrany ny fepotoana hilalaovana. Mia- lohan'io fihaonana io dia hisy ny lalao fiadian-toerana faha-3 amin'ny fifaninanana federaly 2. Lalao famaranana roa kosa no hamaranana ny fotoana eny Andohatapanaka amin'



Fihaonan'ny Usa Ankadifotsy sy Tam Anosibe.

io alahady 12 desambra io dia ny famaranana ny fifaninanana Top 5 vehivavy, sy ny famaranana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy federaly 2. Fandaharan-dalao alahady 12 desambra 2021 : 09:00-Fbm Bemasoandro # Matadore Anosipatra (Fiadian-toerana faha-3 Federaly 2).

11:00-Tam Anosibe # Usa Ankadifotsy (Doppel Top 20). 13:00-Scb Besarety # 3Fb Fahasalamana (Famaranana Top 5 vehivavy). 15:00- Ftat Anosibe # Uscar 2 Commune (Famaranana Federaly 2).

Rainilita

« Conseil des Entraîneurs de Basket Ball »

Hitarika fampiofanana mpanazatra eny Atsimondrano

Ao anatin'ny fohizana ny "programme d'activité 2021" ataony dia hitarika fampiofanana mpanazatra, eny Tanjombato (Geg sy kianja basikety akakin'ny Ostie), ny CEBB « Conseil des Entraîneurs de Basket Ball » amin'ny 21,22,23,24 desambra sy amin'ny 26,27, 28, 29 ary 30 desambra 2021 ho avy izao. Ny FMBB « Federation Malagasy de Basket Ball », no miahy ny hetsika amin'ny ankapobeny ary eo ny seksiônan'ny basikety baolin'Atsimondrano tarihan'ny filohany, Herinirina Mick Eddy, no



Mpanazatra basikety Malagasy.

tompo-marika amin'ny fikarakarana. Taratasy ilaina hoentiny ireo izay liana amin'ny fiofanana : -dika mitovin'ny karapandrom-pireneny, -dika mitovin'ny "carte d'entraîneur validée 2021", -« Formulaire d'informations » ao anatin'ny pejy

tambazotran'ny FMBB. Ho lohalaharana amin'ny fanarahana ny fiofanana ireo "stagiaires titulaires de la CEP "Carte d'Entraîneur Provisoire validé 2021 », sy ireo « entraîneurs titulaires de la CMB « Carte Mini Basket validé 2021 ». Haterina mivantana eny amin'ny foiben-toeran'ny FMBB 67 ha fara-fahatarany amin'ny alatsinainy 20 desambra 2021 amin'ny 12 ora atoandro ny antontan-taratasy ireo maniry hanaraka ny fampiofanana.

Rainilita

AMPILIRA TRANOMARO

Azo sambo-belona ireo 4 amin'ny 5 namono ilay mpizara fanampiana tany Atsimo

Tran'ny zandary manao fampandrian-tany ao Tranomaro ny 04 tamin'ireo jiolahy miisa 5, nahavanona fanafihan-jiolahy izay nitranga tao Angazety, fokontany Ampilira kaominina Tranomara distrikan' Amboasary-Atsimo faritra Anôsy, omaly. Tamin'ny 10 maraina dia nahazo fanairana ny Zandarimaria, fa misy trangam-panafihana tao Angazety, sampanana ho any Tsi-vory, fokontany Ampilira. Voalaza tamin'izany fa misy mpiasan'ny "Ong Young Progress" miaramiasa amin'ny "PAM", miisa 4 izay mpizara fanampiana mitondra moto roa no voatafika. Nirot-saka an-tsehatra avy hatrany ireo zandary tao Tranomaro sy ireo nampandry tany notarihin'ny Lieutenant ary nanao vonjy taitra sy nanaradia; nahetsika ihany koa ireo CSAO izay miandry kizo manodidina. Hita teny ifotony fa olona iray atao hoe Tojosoa, 23 taona, no namoy ny ainy noho ny tiffitra nataon'ireo dahalo



Ireo jiolahy 4 namono ilay mpiasana ONG.

ary vehivavy iray naratra, raha olona roa hafa kosa tsy naninona fa ny entana sy vola ary finday no nendahan'ireo dahalo. Nirosy avy hatrany ny ara-dia, nandritra ny atoandro, niaraka tamin'ireo olona teny an-toerana. Ny hariva dia tratra ny 04 amin'

ireo jiolahy izay samy mipetraka ao Betaikombo, toerana tsy lavitra ilay nitrangan'ny fanafihana. Mbola tratra teny amin'izy ireo ny fitaovam-piadiana (basy sy bala) sy mohara nampiasainy ary ny vola nendahiny. Ny lehiben'izy ireo dia tsy iza fa i BAKO,

izay lehiben'ny Jado ao anatin'ny kaominina Tranomaro ihany. Samy niakiky ny heloka vitany ireo jiolahy 4 voasambotra ireo ary ny fahadimy dia mbola karohina. Tadiidin' ireo voatafika tsara ny tarehin'ireo mpanafika sy ny akanjo nanaovan'izy ireo. Ny razana dia efa any Amboasary, ka ho entina any Ihosy. Ilay Ramatoa naratra voatiffitra tamin'ny tanany kosa dia efa manaraka fitsaboana sahaza azy any Androy. Ireo jiolahy 4 dia efa manaraka famotorana lalina, iarahana miaraka amin'ny Compagnie Gendarmerie Amboasary sy Brigade Tranomaro ary GAPJ Groupement Gendarmerie Anôsy. Hentitra ny baiko nomen'ny Komandin'ny Groupement Anôsy, fa tsy maintsy hatao izay ahatarana ireo rehetra nahavita ny heloka. Hamafisina hatrany ny fitandroana ny fahalemana ao anatin'ny faritra ary arahimaso fatratra itony lehiben'ny Jado itony. Hampiharina ny lalana velona.

Stefa

Trangam-piaramonina

Roalahy nangala-bary saika niharan'ny fitsaram-bahoaka

Efa tena lalina loatra ny fahantrana eto amin-tsika amin'izao fotoana, ka be ireo lasa mangalatra mba hamelomany ny ankohonany. Lehilahy miisa roa no saron'ny fokonolona nangala-bary sy namaky trano tany Ampasindava fokontany Andilanomby, Manakambahiny Andrefana, distrikan' Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro. Sarena anefa ireto mpangalatra ireto. Saika niharan'ny fitsaram-bahoaka izy ireo, saingy tonga ara-potoana ny mpitandro filaminana naka azy roalahy ary nanao ny famotorana.



Niaina Ireo roalahy tratra nangala-bary tany Ampasindava Ambatondrazaka.

Ramanantsoa Jacqueline mpitandrina, Fjkm Lavahitsiny Zoara

Nankalaza ny taon-jôbily sy ny fiaraha-miasan'ny roa tonta

Nomarihana ny Alahady 28 novambra 2021 lasa teo ny fankalazana ny faha-30 taona naha-mpitandrina, sy ny faha-18 taonan'ny fiaraha-miasa teo amin'ny mpitandrina Ramanantsoa Jacqueline mivady, sy ny Fjkm Lavahitsiny Zoara Nohavaozina ary ny faha-34 taona naha-mpiandry azy teo amin'ny sahan'ny Fjkm. Raha tsiahivina fohy ny tantara, dia ny taona 1967 izy no teraka ary manambady sy zanaka efratra mianadahy. Ny taona 1984 izy no tapa-kevitra nianatra ho mpitandrina, ka nianatra teny amin'ny kolejy Ambatamanga, avy eo dia nifindra tany Fianarantsoa ary namarana azy teny Ivato. Ny taona 1990

izy no notendrena hiasa tany amin'ny synodamparitany Tsiroanomandidy. Maro ireo sedra nolalovany toy ny lozam-pifalomoivoizana nitranga tamin' izy nandeha hianatra any Fianarantsoa nefa tsy naratra na maty. Taorian'ny fikatonan'ny toeram-panomana mpitandrina dia mbola niverina izy ary niomana ho mpiandry iha-ny koa, ka ny volana Aogositra 1987 izy no notokanana tamin'izany. Tany amin'ny fitandremana Fanjakamandroso Ankadinondry Sakay izay misy fiangonana efratra, no niasany voalohany tamin'ny taona 1990 ary ny taona 1994 izy no natolotra tao amin'ny fitandremana Antanambao Fahazavana

Ankadinondry Sakay. Mpanjantra Sefala izy ary filohan'ny SIKM ihany koa. Ny taona 2003 kosa izy no napetraka tao amin'ny Fjkm Lavahitsiny Zoara, ka maro ireo asa vita tamin'izany toy ny fanondrotana tilikambo, lakolosy vaovao sy fanamafisam-peo, fanamboarana alitara, akany manasoa izay niarahana tamin-dry zareo koreana, ary ny taona 2014 kosa dia vita ny tamboho manodidina ny fiangonana, ary ny taona 2019 no vita ny fanitarana ny fiangonana, ka lasa hoe « Fjkm Lavahitsiny Zoara Nohavaozina » ny anarany hatreto. Efa niainany ihany koa ny fanafihan-dahalo nihàtra tamin'ny taona 1991, ny

fanakanan-dalana nataon'ny dahalo fa navotan'ny fiarabe, ny fandrahonana sy vaky trano nahazo ny fiangonana, notetezin'ny varatra ihany koa ny fiangonana tamin'ny faha-10 taonan'ny fiaraha-miasa. Nijoro hatrany izy mivady niaraka tamin'ny mpino kristiana sy ny zanaka ampielezana, ka tontosa soamantsara ny fankalazana ny faha-30 taona naha-mpitandrina sy ny faha-10 taonan'ny fiaraha-miasa ary ny faha-18 taona naha-mpiandry ny mpitandrina Ramanantsoa Jacqueline mianakavy, sy ny Fjkm Lavahitsiny Zoara Nohavaozina, synodamparitany Antananarivo andrefana.

Jaona

Efa an-taonany

Kaominina miisa 6 any Menabe no tsy misy ben'ny tanàna

Manoloana ny fitanana am-ponja vonjimaika ny ben'ny Tanàna sy ny lefiny faharoa, sy ireo mpiara-miasa aminy dia nanomboka tamin'ny voalohan'ny volana desambra 2021 teo dia mihitsoka ny fampandehanan-draharaha ao amin'ny kaominina Ankilizato distrikan' Mahabo faritra Menabe, ny antony araka ny resaka nifanaovana tamin'ny lefitra voalohan'ny ben'ny Tanàna dia very fanahy mbola velona izy ireo, satria tsy misy azon'izy ireo atao ny mpitam-bola koa mantsy voatazona miaraka amin'ny ben'ny Tanàna sy ny lefiny faharoa, ka matahotra handray fanapahan-kevitra izy ireo, ny vahoaka anefa sahirana hanao raharaha ao amin'ny kaominina ny mpitambola tsy misy. Mikorosofahana tanteraka ny kaominina ankehitriny hoy hatrany ingahy lefitra voalohan'ny ben'ny Tanàna, tsy afaka mampidim-bola, tsy afaka manao na inona na inona mihitsy.

Ingahy ben'ny Tanàna dia naiditra am-ponja vonjimaika ny 01 desambra ary noho ny tsy fahasalamany dia navoaka notsaboana ivelan'ny fonja izy ny faha-02 desambra ary mbola mitohy manaraka izany fitsaboana izany tamin'ny fotoana nanoratana ny vaovao. Ny vahoaka izay mahatsiaro sahirana noho ny tsy fisian'ny mpiasa afaka miasa ao amin'ny kaominina kosa anefa dia mandrahona ny hitokona raha tsy misy ny vahaolana ataon'ny fanjakana foibe etsy andaniny, koa ireo filohampokotany dia mangataka ny hanendrena PDS hitondra vonjimaika ny kaominina Ankilizato, fa sahirana ny vahoaka hoy izy ireo.

Raha namonjy ny lehiben'ny distrika mpisolo toerana izahay dia nilaza izy, fa efa nanao tatitra ny zava-nisy na dia tsy nampahafantarina ny raharaha mikasika ny fitazomana am-ponja vonjimaika ny ben'ny Tanànan'Ankilizato sy ireo mpiara-miasa aminy aza ny tenany ary nilaza izy, fa mbola tsy voaheloky ny fitsarana ny ben'ny Tanàna ka hatreto dia mbola ben'ny Tanàna ny tenany, ka ny didim-pitsarana no mamaritra ny toerany sy ny ho avin'izay hitantana ny kaominin'Ankilizato, fa anjaran'ireo mpikambana ao amin'ny filankevitra kaominaly, no manendry ny lefiny voalohany izay mbola ao hanao ny asan'ny ben'ny Tanàna, satria ny raharaham-panjakana tsy maintsy mandeha, toy izay koa ny mpitam-bola, saingy voafetra ihany anefa izany satria tsy afaka ny handray fanapahan-kevitra goavana izy ireo. Ny fampiatoana ny ben'ny Tanàna amin'ny asany dia ny lalàna no mametra izany araky ny fandikan-dalàna sy ny tsy fahafahan'ny ben'ny Tanàna manao ny asany. Raha jerena kosa ny resaka fitakiana fametrahana PDS dia ny lalana ihany no mametra izany ary ny fanjakana foibe amin'ny alalan'ny minisiteran'ny atitany, no tompon-teny farany mikasika izay.

Raha tsiahivina dia kaominina miisa 6 amin'izao no tsy manana ben'ny Tanàna, ka ireto avy izy ireo: kaominina Ampanihy distrikan' Miandrivazo, izay maty notifirin'ny dahalo ny ben'ny Tanàna tao ; raha ben'ny Tanàna 3 avy ao amin'ny distrikan' Belo sur Tsiribihina no voatazona ampoja vonjimaika dia ny ben'ny Tanàna ao amin'ny kaominina Tsimafana sy Tsarahotana ary Belinta ; raha araky ny didy navoakan'ny fitsarana kosa dia tokony naverina ny fifidianana ho an'ny kaominina ambonivohitr'i Morondava nefa hatramin'izao dia tsy misy resaka izany dia izao niampy ny ben'ny tanànan'Ankilizato izao indray.

Toa mahalasa saina ny mponina ato Menabe ihany ny ataon'ny fanjakana foibe, satria dia efa misy aman-taonany ireo kaominina no tsy misy ben'ny Tanàna aradalàna fa toa tsy misy mpijery eo koa ireo olom-boatendry alana nefa tsy hasiana solony, ka manontany tena ireo vahoaka ato Menabe hoe ny olona azon'ny fanjakana antoka ve no tsy misy, sa fahirano satria moa raha ny voka-pifidianana tato Menabe nanomboka ny fifidiana 2018 no mankaty no jerena dia latsaka ambany foana ny TGV, sa noho ny ady an-trano misy eo amin'ny TGV/MAPAR ato Menabe izay mivaky roa: misy ny miaraka amin'ny olom-boatendry, ao koa ireo miaraka amin'ny olom-boafidy .

Rajepa



Morondava, anisan'ny kaominina tsy manana ben'ny tanàna amin'izao fotoana.

MARCHE PACIFIQUE

KIANJA 13 MAI 10 DESAMBRA 2021

Vahoaka miady @Vidim-piainana,
MPANJIFA DAHOLO ISIKA.



Diabe

am-pilaminana

10 desambra 2021

- ✓ ZO FOTOTRA ny fanjariana ara-tsakafo
- ✓ ZO FOTOTRA ny mahazo rano
- ✓ ZO FOTOTRA ny fandriampahalemana
- ✓ ZO FOTOTRA ny fahafahana maneho hevitra
- ✓ ZO FOTOTRA ny fidinana an-dalambe